



Conférence des Evêques de Madagascar
SECRETARIAT DE COORDINATION
102 bis rue Cardinal Jérôme Rakotomalala
BP. 667
Antanimena Antananarivo – 101

**“ONENA IZY NAHITA ITY VAHOAKA NAFOY TOY NY ONDRY TSY MISY
MPIANDRY (Mk 6,34)**

“Ny very hotadiaviko; ny nania haveriko; ny naratra hotsaboiko, ary ny marary hohatanjahiko, fa ny matavy sy ny matanjaka hokolokoloiko. Samy handrasako aradrariny avy izy ireo (EZEKIELA 34,15-16)

Ho antsika kristiana sy ny vahoaka Malagasy tsy vakivolo.

Ho aminareo anie ny Fiadanana

Ireo teny ireo no manainga anay EVEKA, Ray aman-dreninareo, izay nivory tsy ara-potoana, handinika ity fiainam-pirenentsika ity. Tahaka an'i Ezekiela Mpaminany Masina nahay njery ny fiainan'ny vahoaka, mampahonena toy ny ondry tsy misy mpiahy, vokatry ny fifandimbiasan'ny fitondrana izay samy tsy nahay naka lesona tamin'ireo zavatra tsy nety nataon'ireo mpitondra nifanesy ka nahatonga izao fahavoazana izao.

Koa misarika ny saintsika izahay tsy hanadino ny tantara fa : ato anatin'ny fankalazana ny faha-56 taona nahazoana ny fahaleovan-tena isika, ary mbola namerimberina indray fa: “Fitivan-Tanindrazana – Fahafahana – Fandrosoana” no tarigetram-pianana noraisina hatramin'ny voalohany.

TSIRIM-PAHAZAVANA

Tsy mbola very tanteraka ny fanantenana, fa tao anatin'ny telo taona nizakana ny vokatry ny krizi teo aloha isika no nahay niaina indray ny fahendrena maha-malagasy : fahaizamandefitra, firaisan-kina, fihavanana. Eny fa na dia teo aza ny fanerena an-kolaka avy any ivelany. Niverina tsikelikely ny fahatokisan'ny firenena avy any ivelany... Porofon'izany ny fahazoana ny ampaham-bola nangatahina hampihodinana ny fiainam-bahoaka. Toy izany koa ny fahafahana naminavina ny handraisana ny fihaonan'ireo firenena miteny frantsay na dia eo aza ny ahiahy ny mety tsy hahavitan'ny foto-drafitr' asa. Eo ihany koa ny vinavina amin'ny handraisana ireo vondron'ny tany afrika ny hanao ficanaraham-barotra (CO-ME-SA).

Ankehitriny, miomana amin'ny fankalazana ny faha-50 taonan'ny fifandraisana aradiplomatikan'i Madagasikara sy ny Fiketrahana masina ao Vatikana isika. Io ficanarahana io dia nanampy ny Eglisy, hiasa am-pilaminana hanandrata ny hasina maha-olona.

NEFA INDRISY : MISY HAIZINA MANDRAKOTRA

Marary i Madagasikara; misy aza miteny hoe: "efa miala aina". Milentika tsikelikely anaty fotaka ny fiainam-pirenena; miraviravy tànana ny mpitondra manoloana an'izany. Fitondrana tsy mahomby; fampanantenana poakaty; sady miharo lainga ary mampahazo vahana ny hery setra.

1. Potika ny Soatoavina maha-malagasy:

- Tsy voahaja intsony ny aina sy ny hasina maha-olona.
- Tsy voatsimbina ny madinika; avela ho baranahiny ny tanora satria goragora ny fifampifehezana anatin'ny fiaraha-monina, tsy misy rafitra mazava amin'ny fanomanana ny ho aviny. Aiza ny sori-dàlana mazava hanatsarana ny fanabeazana.
- Very ny fihavanana tena maha-malagasy, mifampiahiyahy ny mpiara-monina ary mifamongotra hatramin'ny mpianakavy.

2. Mifanjevo ny ara-pinoana :

- Tsy hajaina ny soa toavina ara-pivavahana, fa potehina sy ranitina hifandrafy ny samy mpino ary hararaotina hanaovana kabary politika ny fotoam-pivavahana ka very ny hasiny.
- Jerem-potsiny ny halatra lakolosy mihanaka etsy sy eroa, arahina fampihorohoroana mihatra aman'aina ho an'izay miaro ny fananany. Iza no ao ambadika?
- Tsy hay tohaina ny fanapotehana sary vongana masina eny amoron-dàlana izay fanenjehana mivantana ny Eglisy Katolika. Hita ihany koa izao ny fangoronana baiboly eny an-tànан'ny mpino ary vidina lafo mba hamongorana ny finoana kristiana.
- Hasarotina sady lafo ny saran'ny fahazoan-dàlana mipetraka eto Madagasikara ho an'ireo misionera. Eo koa ny fitakiana taratasim-panorenana tronom-pivavahana efa niorina ela hanelingelenana ny finoana.
- Miha mahazo vahana ny tetik'adin'ireo mahery setra miafina ao am-badiky ny fivavahana lazaina fa mpanavotra.

3. Mikorontana ny fitantanan aara-politika sy ara-toekarena :

- Tsy manao ny asany na ampihorohoroina ny rafitra mpanara-maso izay natao hiaro amin'ny fanodinkodinana sy fihoaram-pefy, hany ka manjaka tanteraka ny baranahiny.
- Mihalalim-paka isan'andro ny fahantrana, nefo tsy misy sori-dalana sy paikady mazava hampandrosoana ny firenena. Tsy voafehy intsony fa gaboraraka tanteraka ny fitrandrahana harem-pirenena izay tokony hahasoa ny vahoaka sy hitsinjovana ny soa iombonana.
- Mitazam-potsiny ny doro tanety sy ny fahasimban'ny tontolo iainana ny olon-drehetra, na ny tompon'andraikitra, na ny vahoaka.

4. Mikorosy fahana ny sosialim-bahoaka sy kolotsaina.

- Tsy mandry fahalemana ny tany: miseho amin'ny endrinhy maro izany toy ny vono olona, vaky trano, fanafihan-tanàna, fakana an-keriny...
- Mamatotra tanteraka ny Kolikoly sy ny fahalovana amin'ny seha-piainana rehetra kanefa misy ny tsy maty manota ao amin'ireo mpitondra ambony sy ny manodidina azy.
- Voavidy vola amin'ny fanaovana tsindry hazo lena sy fibodoana tanin'olona ny fitondrana mahefa sy ireo mpampihatra Lalàna.

- Tsy voatsinjo mihitsy ny zo aman-kasin'ny vahoaka madinika. Iaraha-mahita ny haratsian-dàlana saika manerana ny Nosy.
- Fara-fahorianana no iainana satria taloha raha ny marary andriana, ankehitriny ny marary ariana.

Raha izany rehetra izany no dinihina dia ireo tombotsoam-pirenena mihitsy no voahosihosy amin'izao fotoana izao. **Ny fitiavam-bola tafahoatra no fototr'izany, ka toa efa lasa fanjakan'i Baroa ny eto amintsika. Leo ny vahoaka.**

SAMY HANDRASAKO ARA-DRARINY AVY IREO

Ambaranay eto fa ny Eglisy dia tsy mitsabaka na manondro modely (lamina) amin'ny fandaminana ny raharaha politika sy fitantanana firenena. Ny andraikiny dia ny mampianatra, manentana ary manao izay hahatonga saina ny olona mba hitsinjo mandrakariva ny soa iombonana. Hihevitra ny andraikitra sahanina ho fanompoana ny firenena fa tsy sanatria fitaovana hanangonan-karena.

Samy mitady vahaolana isika. Maro ny olona amin'izao fotoana izao no mahatsapa fa mila fanovàna ny fomba fitantanana ny raharaha-pirenena. Miforona etsy sy eroa ireo vondron'ny antoko politika, ny vondron'ny sendikà, ny firaisa-monim-pirenena mitambatra ao anatin'ireo fikambanana mitonona ho mpanohitra. Ny vahaolana atolotr'izy ireo dia ny fametrahana Tetezamita vaovao hanoloana ny rafitra vao najoro. Izany marina ve no tena vahaolana? Misy amin'izy ireo no mampiasa ny hafatry ny Eglisy sy ny Justice et Paix hanamafisana ny heviny sy hanamarinana ny tenany. Aoka re tsy hanararaotra.

Ekena fa misy amin'izy ireo no manana fiahiana ny tombon-tsoam-pirenena, kanefa rehefa jerena akaiky ny zava-misy sy ny tantara dia toa fitadiavana fahefana no tanjona kendreny mba hifampizaràna sezà hitadiavam-bola. Matetika ireo olona miantsoantso fiovàna tany aloha ihany no miverina eo amin'ny fitondrana nefà rehefa nahazo fahefana dia mangina sady tsy mahavita n'inona n'inona. Ho anay tsy mety izany.

Tsy vitan'ny kobaka am-bava sy kabary tsara lahatra ny fanarenam-pirenena. Mila fiovàn'ny toe-tsaina izany, mila kolotsaina vaovao entanin'ny fitiavan-tanindrazana ny fananana toe-tsaina tompon'andraikitra. Ka ny vaha-olana maharitra no tsy maitsy heverina, ka ireto no hitanay fahanampy amin'ny fanarenam-pirenena :

- Aoka ho tsaroana fa FANOMPOANA ny Firenena sy ny vahoaka ny fahefana hoan'ireo maniry sy nomena azy. Izany dia ilàna ny fiaraha-miasa matotra ny eo amin'ny Fanjakana sy ny Fianganana amin'ny fampanjakana ny fahamarinana.
- Ampiana sy beazina ireo olom-pirenena mba hiaina ireo soa toavina fototra, toy ny fahamarinana, ny fahafoizan-tena, ny fitiava-namana, ny hasina maha-olona, ny fiheverana ny soa hoan'ny daholobe. Afaka hanampy amin'ny fanofanana amin'izany ny Vaomieran'ny Fahamarinana sy ny Fiadanana (Justice et Paix).

- Tsinjovina manokana ireo tanora amin'ny fanomanana ny ho aviny ka ampandraisina andraikitra tsikelikely eo amin'ny Firenena sy ny Fianganana.
- Izao vanin'andro iainantsika izao dia mitaky ny hijoroan'ny olona tsara sitrapo sy olom-baovao, hiasa ho an' ny Firenena sy hanentanany rafi-pitondrana hamelombelona azy mba hampisy risipo ny besinimaro fa indrindra ireo tantsaha.
- Hajaina ny lalàna velona ary apetraka tsara ny fanaraha-maso ka ny olon-drehetra no asaina handray anjara amin'ny andraikitra tandrify azy, hampandeha ny fiainam-pirenena, tsy hirona amin'ny faharavàna fa hizotra tsikelikely amin'ny fifandimbiasana demokratika tsy misy raorao.
- Zo fototra amin'ny zon'olombelona ny finoana an'Andriamanitra sy ny mivavaka amin-kalalahana. Koa angatahana ny Fanjakana mba hiaro ny zon'ny mpino sy ny fitaovana rehetra ampiasainy amin'ny izany, ohatra amin'ny fanaraha-maso izay mangalatra lakolosy.
- Ampirisihina ny vahoaka rehetra mba tsy hiraviravy tànana, ka hiray hina tsy hanaiky hatao fitaovana hampisavoroana sy hahazoana fahefana.

“TOY NY ONDRY TSY MISY MPIANDRY”

“Tahionao ry Zanahary ô, ity nosindrazanay ity”. Malemy sy osa izahay ka mila ny FAMINDRAM-PONAO. Omeo mpiandry mahatoky izahay hitantana anay ho amin'ny “Fitivan-Tanindrazana sy Fahafahana ary Fandrosoana” marina tokoa hahazoana tombontsoa hoan'ny besinimaro. Vonoy ao am-ponay ny fitiavan-tena tafahoatra. Velomy ny fanantenanan'ny tsirairay avy, omban'ny vavak'i Masina Maria dia ho “Tany sambatra ilay Madagasikaranay”.

Mitso-drano anareo izahay eveka, Raiaman-dreninareo.

**Antananarivo anio, 11 aogositra 2016
Fetin'ny Masimbavy Claire, Relijiozy Mpitoka-monina.**

Mgr TSARAHAZANA Désiré, Arsevekan'i Toamasina, Filohan'ny Fivondronamben'ny Eveka eto Madagaskara

Mgr RAHARILAMBONIAINA Marie Fabien, Evekan'i Morondava, Filoha lefitra

Mgr RANDRIANARISOA Jean Claude, Evekan'i Miarinarivo, Sekretera Jeneraly

Mgr RAMAROSON Marc Benjamin, Arsevekan'Antsiranana

Mgr RAZANAKOLONA Odon Marie Arsène, Arsevekan'Antananarivo

Mgr RABEONY Fulgence, Arsevekan'i Toliary

Mgr RABEMAHAFALY Fulgence, Arsevekan'i Fianarantsoa,

Mgr Georges VARKEY, Evekan'i Port-Bergé

Mgr ROSARIO Saro Vella, Evekan'Ambanja

Mgr RAKOTONDRAJAO Roger Victor, Evekan'i Mahajanga

Mgr RAOELISON Jean de Dieu, Evekan'Ambatondrazaka

Mgr DI PIERRO Gaetano, Evekan'i Moramanga
Mgr RANDRIAMAMONJY Marcellin, Evekan'i Fenoarivo Atsinanana
Mgr RANAIVOMANANA Philippe, Evekan'Antsirabe
Mgr BOMBIN ESPINO Gustave, Evekan'i Tsiroanomandidy
Mgr RAKOTONARIVO Fidelis, Evekan'Ambositra
Mgr CAIRES DE NOBREGA José Alfredo, Evekan'i Mananjary, Administrateur Apostoliquen'i Farafangana
Mgr RAZAKARIVONY Fulgence, Evekan'Ihosy
Mgr RAKOTOZAFY Vincent, Evekan'i Tolagnaro
Mgr ROBASZKIEWICZ Zygmunt, Evekan'i Morombe
Mgr MALO Michel, Evêque Emérite d'Antsiranana
Mgr RANDRIAMBOLOLONA Philibert, Archevêque Emérite de Fianarantsoa
Mgr RAZAKARIVONY Raymond, Evêque Emérite de Miarinarivo
Mgr SCOPELLITI Antoine, Evêque Emérite d'Ambatondrazaka
Mgr ZEVACO Pierre, Evêque Emérite de Tolagnaro
Mgr PELLETIER Donald, Evêque Emérite de Morondava
Mgr TOASY Armand, Evêque Emérite de Port-Berger

+ Jean Claude RANDRIANARISOA
Secrétaire Générale de la CEM

+ Désiré TSARAHAZANA
Président de la CEM

oooooooooooooooooooooooooooooooooooo